Fiteny azerbaijaney

Ny **fiteny azerbaijaney** na **fiteny azery** na **fiteny torka azery** dia ao amin'ny vondrom-piteny torka ao amin'ny fianakaviam-piteny altaîka. Ao Kaokazy sy ao amin'ny faritra Atsinanana Akaiky no ahitana olona miteny azy, indrindra ao Azerbaijàna sy ao Iràna. Ny isan'ny olona miteny io fiteny io dia eo anelanelan'ny 25 sy 35 tapitrisa ka ny 9 tapitrisa mahery ao Azerbaijàna fa ny 10 hatramin'ny 13 tapitrisa eo dia any Iràna.



Faritra misy mpampiasa ny fiteny azery.

Votoatiny

Ankapobeny
Feonteny
Fitsipiteny
Abidy
Fifanahafana amin'ny fiteny torka ao Torkia

Ankapobeny

Ny fiteny azerbaijaney na azery dia tenenin'ny 91,6% mahery amin'ny mponin'i Azerbaijàna. Tenenina ao Iràna koa io fiteny io, dia ao Azerbaijàna iraniana (atao hoe Azerbaijàna Atsimo), izay mizara ho faritany maro ankehitriny, dia i Azerbaijàna Atsinanana, i Azerbaijàna Andrefana, ny faritanin'i Ardabila, ny faritanion'i Zanjàna ary ampahany lehibe amin'ny faritanin'i Hamadàna sy Kazvina; miteny azyu koa ny any Jeorjia sy ny any Torkia ary ny any Rusia.

Ny fiteny azery dia isan'ny fianakaviam-piteny altaika, ao amin'ny vondrom-piteny torka ary ao amin'ny zana-bondrona ogoza sahala amin'ny fiteny torka sy torkmena, ny fiteny tatara any Krimea, ny fiteny gagaoza.

Feonteny

Manaja ny fitsipiky ny rindran-janapeo ny fiteny azerbaijaney. Misy zanapeo 9 sy renifeo 24 ny fiteny azery, na dia miovaova aza ireo isa ireo arakaraka ny fisehon'ilay fiteny isam-paritra. Azo sokajina ho zanapeo mafy sy zanapeo malefaka, tononina amolotra na tsy amolotra, mikatona na mivoha, ambany lela na an-dela na ampovoan-dela. Mizara vondrona telo ny zanapeo, dia ny tsotra sy lava ary fohy arakaraka ny faharetany.

Fitsipiteny

Ny fiteny azerbaijaney dia fiteny manambatra hasinteny maro sady mampisa tsirinteny matetika, indrindra ny tovana. Ny voanteny iray dia mety hisy tsirinteny maro ary azo ampiasaina mba hamoronana voanteny vaovao. Ny fifandraisan'ny voanteny dia miforona amin'ny alalan'ny tovana apetaka ao aorian'ny voanteny.

Azo atao araka izany ny mamorona matoanteny avy amin'ny anarana, na anarana avy amin'ny foto-matoanteny. Ny ankamaroan'ny tsirinteny dia manondro ny anjara asa am-pitsipitenin'ny teny. Tsy manana na mpanoritra na kilahivavy ny fiteny azery.

Abidy

Ankehitriny dia ampiasaina ao Azerbaijàna ny abidy miorina amin'ny abidy latina, izay nampiana litera fanampiny, ka isan'izany ny litera *ə* nanomboka tamin'ny taona 1990, izay nosoratana hoe *ä* taloha nefa nandany fotoana raha soratana. Ny fiteny azery iraniana anefa mamiasa ny abidy arabo.

Nanomboka nampiasa ny abidy arabo ny fiteny azery tamin'ny nahazoan'ny kalifata arabo an'i Azerbaijàna tamin'ny taonjato faha-7, ka io abidy io no nanoratana indrindra ny fiteny azery, nefa nifarana tamin'ny taona 1929 izany. Efa hatramin'ny taona 1923 no nampiasana ny abidy latina izay tafara-dalana tamin'ny fampiasana abidy arabo. Tamin'ny taona 1929 hatramin'ny 1939 dia nisolo ny abidy arabo ny abidy latina. Nanomboka tamin'ny taona 1939 no nampiasana ny abidy sirilika izay nisolo ny abidy latina ka lasa abidy ofisialin'i Azerbaijàna sovietika. Tamin'ny taona 1991, rehefa nahazo ny fahaleovantenany i Azerbaijàna, dia ny abidy latina no lasa abidy ofisialin'io firenena io. Nanomboka tamin'ny taona 1991 dia ahitana litera miisa 32 ny abidy azery hanoratana feonteny miisa 33 ka ny 23 renifeo ary ny 9 zanapeo.

Raha ampitahaina amin'ny abidy latina ampiasaina amin'ny fiteny torka, izay misy litera enina fanampiny (Ç, Ğ, İ, Ö, Ş et Ü) tsy hita ao amin'ny abidy latina fototra misy litera 26, ny fiteny azery dia mampiasa ny litera fanampiny, ny Ə. Sahala amin'ny fiteny torka ny fiteny azery izay tsy mampiasa ny litera W. Ny fiteny azery kosa anefa mampiasa ny litera Q sy X izay tsy ampiasaina hanoratana ny fiteny torka.

Fifanahafana amin'ny fiteny torka ao Torkia

Ankehitriny, ny fiteny manakaiky indrindra ny fiteny azery (raha esorina ny fiteny afsara sy ny fiteny kaskay izay heverina fa endriky isam-paritry ny fiteny azery) na amin'ny lafiny fitsipiteny na amin'ny lafiny voambolana dia ny fiteny torka tenenina ao Torkia. Ny olona mampiasa ireo fiteny roa ireo dia mifankahazo fiteny na dia misy ny fahasamihafan'ny fitanisana matoanteny na ny fivoaran'ireo fiteny ireo izay samy manana ny azy nanomboka tamin'ny taonjato faha-13, taorian'ny faharavan'ny fanjakana seljokida farany.

Marihina koa fa ny firokin'ny fiteny azery dia mitovitovy amin'ny an'ny vahoaka torka ao Kars izay mampiasa ny fiteny torka. Ireo fiteny ireo anefa heverina ho endri-piteny tetezamita eo anelanelan'ny fiteny azery sy ny fiteny torka.

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_azerbaijaney&oldid=977793"

Voaova farany tamin'ny 28 Novambra 2019 amin'ny 10:18 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.